# LASA KA TSY TANA

Lasa ka tsy tana
Namakivaky ny lanitra
Tsy nandre ny antsontsoko akory
Tsy nanao veloma ahy ianao

Toa hitako ianao, anilan'i Kristy
Mitsaoka mivavaka
Manandra-tanana midera Azy
Toa tsinjoko ianao mifaly amin'ireo voavonjy
Miaraka amin'ireo anjely

Na dia tsy eto intsony aza ianao
Fa any amin'ny tsy hita maso
Dia tsarovy fa velona ato am-poko
Mandrakizay ny anaranao.

# AZA MATAHOTRA

Amin'ny fotoana hialako ety
Aza matahotra fa ho any an-danitra aho
Raha mandao ny ety an-tany aho
Aza manahy fa izaho ho any amin'ny Ray

Manahy mafy aho mandra-piavin'I Jesosy Tompo
Maro ireo hihemotra amin'ny finoana
Satria hangatsiaka ny fitiavany

Ny olo-marina kosa
Hiambina tsara hampirehitra ny fanala
Mandra-piavian'ny Mpamonjy
Dia miorina mafy mba ho voavonjy

Amin'ny fotoana hialako ety
Aza matahotra fa ho any an-danitra aho
Raha mandao ny ety an-tany aho
Aza manahy fa izaho ho any amin'ny Ray

Ho avy ny andro hiantsoana ny anaranao
Hiala ety an-tany fa ho any an-danitra any
Izany hafaliako, hihaona aminao
Sy ireo mpino maty teo aloha
Hifamihina mafy, eo anatrehan'ny RAY

(Amin'ny fotoana………………)

# FAMPAKARANA

Ilay ora iray, izay no handrasako
Ho avy Ilay fofom-badiko
Haka ahy ho vadiny

Hiomana aho satria
Izaho ilay hampakarina
Ho avy am-boninahitra ny Tompo
Hitsena Azy amin'ny rahon'ny lanitra aho

Veloma ry tany
Tsy tiako intsony ianao
Leo anao aho
Leo anao aho, hiala eto aho

Dia ho hampakarina aho
Dia hifanatrika amin'ny Tompo
Akory ny hafaliako
Raha hanatrika Azy aho

Ho faly tokoa aho
Izany ilay fotoana handrasako
Tanteraka ny nofinofiko
Amin'izay no hisandratako

(veloma ry tany……..)"misy miteny"

Dia ho fihinin'ny Tompo eo anatrehany aho
Ho fafany ny ranomasoko
Satria fantatry ny Tompo
Fa Izy efa nifidy ahy ho mpanompo.

# ZANAK'I JEHOVAH RAY

Zanak'I Jehovah RAY aho
Amin'ny alalan'I KRISTY
Zanaka natsangana
Mpandova ny lanitra….Mpandovan'Andriamanitra
Azoko antoka ny fiainako
Raha miala eto an-tany aho
Ho tsenain'ireo Anjely marobe any an-danitra
Tsy hisy intsony ny ranomaso sy ny fahoriana
Fa hitoetra ao an-tranon'ny RAY
Paradisa mandrakizay
Zanak'I Jehovah RAY aho
Amin'ny alalan'I KRISTY
Zanaka natsangana
Mpandova ny lanitra….Mpandovan'Andriamanitra
Endrey izany hafaliako
Raha hihaona amin'ny Tompoko
Izay nifidy sy nitia ahy
Hatsangana ho zanaky ny RAY
Eo anatrehan'izao tontolo izao sy ireo anjely koa
No hanambarany fa zanaky ny RAY aho.

# VELOMA IANAREO

Lasa ianao
Nandao izao tontolo izao
Tsy nahatsiaro intsony
Ireo havanao sy ireo namanao

Mbola velona ianao
Dia efa nanafatra hoe
Indray andro any dia hiasaraka isika izao
Fa ny olo-marina manana an'I Jesosy
Tsy hijanona ela eto an-tany

Dia nilaza koa ianao hoe
Mifikira mafy amin'ny finoana
Fa efa andro farany izao
Izay handraisan'ny mpino
Ny valim-pitiany avy amin'Andriamanitra

Teo am-pialana aina ianao
Mbola nanafatra hoe
Hody any amin'ny Raiko aho
Veloma, any an-danitra no mihaona
Any ny fotoana
DIA LASA IANAO.

# MARARIM-PITIA

Teo am-pandriana aho noho ny alina
Nitady Ilay tian'ny fanahiko
Nitady Azy aho fa tsy nahita
Nifoha aho ka nandeha teny an-dalambe
Nitady Ilay tian'ny fanahiko
Hitan'ny antily izay mandeha an-tanàna
Dia nanontany azy hoe

Hitanareo va Ilay tian'ny fanahiko iny
Fa tsy tafandry mandry aho
Amin'izao alina izao
Sao mba hitanareo lahy Izy iny ka mba lazao
Malahelo Ilay tian'ny fanahiko aho izany

Niherika nijery aho ka nahita Azy
Nitsiky Izy sady nanolo-tànana handray ahy
Hitako Ilay tian'ny Fanahiko
Nihazakazaka aho, mba hamihina Azy

**Ref:**

Hitako ilay tian'ny fanahiko iny
Jesosy Tompo no anarany
Mpanjaka Izy
Izy no tian'ny fanahiko
Malahelo Azy aho,
Miraiki-pitia ka te hitoetra eo anilany.

Niaraka izahay ho any amin'ny Ray
Hanambara ny ao am-ponay
Izy anefa tsy nisalasala
Fa nanaiky avy hatrany
Ny amin'ny fotoana iray hisian'ny fampakarana
Ny Ray ihany hanapaka izany, amin'ny fotonany

# HENOY

Henoy, Henoy
Henoy ny feo milaza hoe **ref**

Jehovah no mpiandry ahy
Tsy hanan-java-mahory aho
Mampandry ahy amin'ny ahi-maintso IZY
Mamelombelona ny fanahiko

Henoy, Henoy
Henoy ny feo milaza hoe **ref**

Manosotra diloilo ny lohako ianao
Ny kapoakako feno dia feno
Fahasoavana sy famindram-po
Manaraka ahy amin'ny andro hiainako
Dia hitoetra ao an-tranon'I Jehovah
Andro lava aho

Alleloiah, alleloiah
**Alleloiah, alleloiah alleloiah** **x2**

# VEHIVAVY TOY NY MASOANDRO

Mbola iriko ny hamoaka ny ato am-poko
Ny amin'ny fitiavako ny Tompoko
Izy no nifidy ahy, izaho koa tia Azy
Izy no hitarainako raha misy manjo

Satria feno toy ny volana fenomanana eo Imasony aho
Ary mitombo hoatran'ny raozy eo amoron'ny ranovelona
Fofona manitra eo anatrehany ny vavaka asandratro
Ary lisy fotsy mivelatra eo anoloany ny fiderako Azy

Hoy Jesosy Zanak'Andriamanitra  tamiko
Iza moa ity vehivavy manam-pitiavana Ahy
Izay miposaka tahaka ny mazava atsinanana
Madio toy ny masoandro

Maro ny vehivavy nanao soa
Fa ianao manoatran'izy rehetra
Na teo aza ireo mpanjakavavy
Ary zatovovavy tsy hita isa

Dia iray monja no hampakariko
Ilay vavitokan'ny reniny
Ho derain'ny vehivavy hoe sambatra
Satria nahafeno ny fitia
Ilain'ny mpampakatra

## RENY ROA

Avy aiza re, no iavian'izao amiko
No feno fitahiana ny fiainako
Navahanao tao anatin'ny maro aho
Notsongainao manokana tamin'ny havako

Manana reny roa aho tena tia ahy
Ny iray niteraka sy nahalehibe ahy
Ny iray kosa mitaiza sy mananatra ahy
Manitsy ny diako ho any an-danitra

Ny Fanahy Masina omem-boninahitra
Manomana ny ho aviko mahafinaritra
Sambatra aho satria tian'Andriamanitra
Ary ny hiafaran'ny diako ho any an-danitra

Ilay reny am-panahiko no tena tia ahy
Isan'andro iasan'andro izao mivavaka ho ahy
Manery ahy hianatra soratra masina
Mba hifandraisako akaiky amin'ny Fanahy Masina

Ny reny niteraka ahy no tena tiako
Satria nikolokolo ahy hatramin'ny fahakeliko
Lany vola niantoka ny fianarana
Sady mampirisika ahy
Hitia ny reniko am-panahiko

# AMEN

Amen
Amen } X4

Hobio ry vazantany o
Lehibe Jehovah
Masina Tsitoha
Ka derao ny Anarany

Amen
Amen } X4

Izy no Ilay Mesia
Mpanjaka Izy
Asandrato ny anarany
Mandrakizay ny fiandrianany

Amen
Amen } X4

Fanahy Masina o
Mba ampio izahay
Mba hahay hidera anao
Sy ankasitrahana eo imasonao

Amen,amen
Amen,amen

# VONJEO NY MALAGASY

Andriamanitra o, mba vonjeo ny Malagasy
Andriamanitra o,mba vonjeo re ny firenenay

Tompo o, ny Malagasy tena tia Anao
Mitady Anao amin'ny fony
Any ambadika any,misy feo mitomany
Te hahita ny voninahitrao…….RAY O!!!!

Ray o, mila vonjy avy Aminao
Ireo mpitondra-tena sy kamboty
Ianao no hianteherany
Izahay mpitory ny teninao
Omeo hery sy fahasahiana
Hahay hifankatia sy hiray hina
Hitory ny fahamarinana……..RAY O!!!!

Ray o! mba vonjeo re ny Malagasy
Ray o! mba vonjeo re ny firenenay
Tompo o! ny Malagasy tena tia Anao
Mitady Anao amin'ny fony
Any ambadika any
Misy feo mitomany
Te hahita ny voninahitrao

Vonjeo re ny Malagasy
Tahio ny firenenay
Omeo mpiandry iray izahay
Tahaka ny tamin'ny andron'ny Mosesy
Hitondra ny fifohazam-panahy
Hiandry ny olo-marina
Hamerina izay nania
Hitady ny very
Akambano iray ny fiangonana ……..RAY O!!!!

# MANATREHA

Manatreha anay Jesosy
Mangetaheta Anao ny foko
Fantatro fa tsy vita izay hatao
Raha tsy misy ny fanatrehanao

Manatreha amin'ny fahafenoana Hianao
Jesosy Mpanjaka ny foko ianao
Hazavao o,,o,,o hazavao ny foko
Mba hahalala anao

Jesosy be fitiavana, be famindram-po
Tompon' ny hery sy fahefana
Deraina sy ankalazaina ny Anaranao
Fa mandrakizay ny fiandriananao

Maneho ny voninahiny amin'ny mpanompony Izy
Manantanteraka ny teny milaza hoe
Hiraiko ho aty aminareo ny Mpananatra
Hanambara ny fahamarinana.

## Misandrata HianaoFANAHY MASINA

Masina Ianao, ry Fanahy Masina o!!
Manerana izao rehetra izao ny voninahitrao
Misaotra Anao ‘zahay
Satria mendrika Hianao
Ny dera laza sy ny haja
No hatolotray ho Anao

Ref:
Misandràta Ianao Fanahy madina o! } X4

## MISAOTRA AN’I MESIA

| | | |
|---|---|---|
| Misaotra<br>Mitsaoka<br>Asandratray | } X3 | an’I Jehovah<br>an’I Mesia<br>ny Fanahy Masina } X3 |

# NY FANATREHANAO

Ny fanatrehanao Jehovah ray
Mamelona ny fanahiko

Ny fanatrehanao Jesosy Tompo
Mamelona ny fanahiko

Ny fantrehanao Fanahy masina o
Mamelona ny fanahiko

# NY HERINAO

Ny herinao Jehovah no manohana ahy
Ny afonao ry lanitra no mameno ahy
Hosory , fenoy ny Fanahy Masina
Ny mpanomponao Jehovah Andriamanitra

Ny herinao Jehovah mameno ahy
Ny afonao mirehitra mameno ny tavako
Hampitomboy ilay hosotra ato anatiko

Jehovah masina o!!

Fenoy aho } X3

Jehovah masina o!!!!

## MPANANATRA HENDRY

Misaotra Anao aho, ry Fanahy Masina
Satria nofenoinao ny ntontoloko
Feno fahombiazana , feno fitahiana koa
Dia noho Ianao sy ny fitiavano

Aiza no ahitako Mpananatra Hendry
Mihoatra Anao Fnahy Masina
Fa nofidinao aho, tao anatin'ny maro
Tia ahy Hianao sady tiako koa

Nampianarinao hitia an'I Mesia
Fahamarinana, fahamasinana
Fahaiza-miaina avy aminao
Izao rehetra izao dia azoko avokoa
Noho Hianao….Noho Hianao Fanahy o!!

Aiza no hahitako Mpananatra Hendry
Mihoatra Anao Fanahy Masina

Fa nofidinao aho, tao anatin'ny maro
Tia ahy Ianao sady tiako koa

## FANAHY MASINA AVIA

Fanahy Masina o, avia midina
Fenoy ny herinao ny fanahiko
Rakofy ny hosotrao ny ntontoloko
Havaozy indray ny fiainako

Asandratro ny Anaranao
Ry herin'Andriamanitra
Hianao no namorona, izao rehetra izao
Ny ao ampon'ny Ray dia efa fantatrao
Mino aho fa Ianao mahalala ny ho aviko

Fanahy Masina o, avia midina
Fenoy ny herinao ny fanahiko
Rakofy ny hosotrao ny ntontoloko
Havaozy indray ny fiainako

Apetrak'eo an-tananao
Hitarika ny fanahiko
Aza avela irery aho, arovy tsy ho very
Amorony fo madio, ka havaozy indray

Ny Fanahinao ato anatiko

# AVO NOHO NY LANITRA

Avo noho ny lanitra Hianao
Ry Ilay nahary izao rehetra izao
Mitoetra eo ambony, fiderana
Hianao ry RAY

Miantso aho RAY O!
Jehovah RAY O!
X2

Aminao ilay teny mihazaona ahy
Ilay rivotra mamelona ahy
Miantso mitady Anao izahay
Ilay zanakao ry RAY.

## JESOSY TOMPO O!

Jesosy, ny herinao
No mampijoro ahy
Jesosy, ny fahasoavanao
No mahatoy izao ahy
X2

Satria raha lavitra anao,
Dia very aho
Raha tsy eo Hianao irery aho,
Jesosy Hianao no tiako
Hianao no tiako

JESOSY TOMPO O! X2

# MANANTONA ANAO AHO

Ny foko no hitiavako Anao Jesosy
Ny vavako hankalaza ny Anaranao
Ny tanako hanandratako Anao
N'aiza n'aiza

Manantona Anao aho, ry Jesosy Tompo
Fa ho aiza moa aho, raha tsy eo aminao

Atolotro ho Anao ny amiko rehetra
Fa velona aho hanao izay sitrakao
Ka raiso re ry Tompo ity mpanomponao
Ho eo ambany elatrao.

## HOSANA RE

Hosana re, any amin'ny Avo indrindra
Fiadanana, ho amin'ny olona hankasitrahany

Midera an'I JEHOVAH,
Ry asan'ny tanany rehetra
Aoka hankalaza Azy,
Ny firenen-drehetra

Izy Ilay Andriamanitra lehibe
Mitoetra mandrakizay Izy
Eo ambony seza fiandrihanana
Eo ambony fiderana

Miravoa ry firenen-drehetra
Ka derao Andriamanitra
Misaora ny Anarany Masina

Fa Andriamanitra lehibe Izy.

## ILAY ILAIKO

Ray o, mihoatra izao rehetra Hianao
Be famindram-po tokoa
Be voninahitra, manome izay ilaina Ianao
Efa nitia ahy taloha

Ilay ilaiko, Ilay iriko
Ilay tiako dia Hianao

Ianao no harena, Ianao no famonjena
Ianao no fandresena
Ianao ambonin'izao rehetra izao

Ilay ilaiko, Ilay iriko

# Ilay tiako dia Hianao

## FIAROVANA MAFY

Ny mitoetra eo aminy
Fiereny avo indrindra
Monina eo ambanin'ny aloky ny Tsitoha
Mandrakizay no safidiko

Jehovah no Andriamanitro
Izay hitokiako
Fialofana sy fiarovana ho ahy, Izy
Ny volon'elany no hanaronany ahy

Tsy hatahotra ny loza aho
Na fandringanana mandripaka
Dia eo an-tànanao no hitony aho
Mba tsy ho tafintohina }

Hoy Jehovah tamiko
Izaho no hiraketany fitiavanao
Dia hamonjy anao Aho
Ka ho vokisako, fa ela velona ianao

Na ny arivo aza, lavo anilako
Iray alina, anakavanako
Hijery maso fotsinyaho
Fa Izy no miaro ahy mandrakizay

## MISAVA NY HAIZINA

Fanahy Masina o! midina re Hianao
Feno, fenoy, fenoy ny fanahiko
Fanahy Masina o! deraina Ianao
Sambatra, sambatra, sambatra fa eo Hianao

Ref:
Misava ny haizina raha eo HIanao
Mazava ny haleha raha Hianao no mitarika
Anaro aho Fanahy Masina o!
Mba ho mendrika hitoeranao

Fanahy Masina o! avia
Omeo fahazavan-tsaina aho
Fahendrena sy fahalalana
Hanaovako izay sitrakao

Sambatra ny fanahy izay hitoeranao
Ary ny fo izay harovanao

Feno fiadanana sy fifaliana
Ka feno ny fahasoavanao

## VELOMA RY NAMAKO

Ref:
Manao veloma anao aho ry ralahy
Fa tsy maintsy hisaraka isika
Ka raha tsy mihaona eto an-tany
Dia mihaona any an-danitra any

Izao no lazaiko aminao
Tezao tsara any fanahinao
Aza manaiky ho kivy foana
Amin'izao fiainana mandalo izao
Efa tonga izao ny fotoana
Ka tsinjovy izay hiafaranao

Ref:(manao veloma…….)

Hafatro farany aminao anio
Aoka hafana sy hirehitra ianao
Fa Kristy Tompontsika
Tsy mandiso fanantenana
Any volana, any taona
Any an-danitra isika mihaona

Ref:(manao veloma………)

# AVELAO

Indray andro nandalo Ilay Mesia
Gaga ny ionoka sy ny virjiny
Nijery azy Ilay Mesia, ka nilaza hoe
Tiako iano, ka avia hanaraka Ahy

Taitra ny fitiavany raha nahare izany
Nihazakazaka tany an-trano naka ny akanjony
Niraiki-pitia, ka vonona handao izao ntontolo izao
Kanjo voarara tsy navela hivoaka trano

Ref :

Avelao aho hanaradia
Sy hitia an'Ilay Mesia
Aza rarana hifankatia sy hanompo Azy
Avelao, avelao avelao aho mba hitia
Tiako Izy, Izy koa tia ahy

Ataovy fanombon-kase ao am-ponao aho
Fanombon-kase eo an-tsandrinao
Fa mahery toy ny fahafatesana ny fitiavana
Masiaka tahaka ny fiainan-tsihita ny fahasaropiaro

Na dia ny ony maro aza tsy mahavoavono ny afom-pitiavana

Ny renirano tsy maha-paoka azy
Na dia  ny fananana rehetra aza hamidy fitiavana
Dia hataoko tsinontsinona izany

## MISAOTRA ANAO MANDRAKIZAY RY RAY (Marobe)

Maro be ireo soa nataonao ahy
Jehovah Tompoko
Tsy ho voavaliko amin'izay hatao
Fa ny saotra no hatolotro ho Anao

Ny fahamarinana tsy mba nafeninao ahy
Ny heloko rehetra efa navelanao

Ref:
Ny vavako hisaotra Anao Jehovah
Ny tanako hanandratako Anao
Misaotra Anao mandrakizay ry Ray
Misaotra Anao aho, JEHOVAH O!

Ianao no mamelona ahy
Manome ahy izay hilaiko ety
Miaro ahy amin'ireo fahavalo
Mampialoka ahy, ho eo ambany elatrao

Ny fahamarinana(…………..)

Ref:

Ny vavako(…………………)

# MANINA NY KIANJAN'I JEHOVAH

Endre ny hatsarany, fanatrehanao Jehovah
Manina ny kianjanao, ny fanahiko
Ny foko sy ny saiko, mihoby an'I Jehovah Tompo
Mpanjakako sy Andriamanitro

Ref:

Fa sambatra izay mitoetra
Amin'ny fanatrehanao, Jehovah o,o,o!
Fa ny indray andro eo an-kianjanao
Dia tsara noho ny arivo
Aleoko mitoetra ao an-tranonao

Mandrenesa Jehovah o!
Henoy ny fivavahako
Ka jereo ny tavan'ny voahosotrao
Ny foko sy ny saiko, mihoby an'I Jehovah Tompo
Mpanjakako sy Andriamanitro

Ref: Fa sambatra….

Miampy hery isan'andro aho
Masondro sy hapingako
Jehovah Andriamanitro, Mpamonjiko

Ref: Fa sambatra….

## MIANTSO FAMONJENA

Any ambadika any,
Misy feo mitomany
Miantso fanafahana, famonjena re
Henonao ve ny feo miantso hoe
Manatona ry mpitory, mba vonjeo izahay

Ref:

Jesosy anie, maty ho an'izy ireo
Malahelo ny fony mangetaheta
Jesosy ihany koa, tia an'izy ireo
Ka iza re, no olona hanafaka

Ka ianao izay mandre, izao hirako izao
Ianao no tadiaviny, hamonjy an'izy ireo
Ka mihomana, mihomana ianao
Aza manahy, aza manatohotra
Fa Jesosy homba anao

Ref:

Jesosy anie, maty ho an'izy ireo
Malahelo ny fony mangetaheta
Jesosy ihany koa, tia an'izy ireo

Ka iza re, no olona hanafaka

## SAMBATRA IANAO RAHAVAVY

Sambatra ianao rahavavy,
Iza no tahaka anao
Izay novonjen'I KRISTY
Ka tratran'ity fetinao androany ity

Na dia mafy ny ady natrehanao
Fanalam-baraka, fanenjehana nahazo anao
Tsy nihemotra nijoro nahery hatrany
Tahakan'I Debora vehivavy mahery

Hisaorana anie, Jehovah Andriamanitrao
Izay tsy namela anao irery
Aoka halaza amin'ny jentlisa ny Anarany
Mba hideran'ny firenen-drehetra Azy

Na inona latsa sy heso nahazo anao
Ady sarotra rivotra mifofo
Na mahantra na manankarena ianao
Dia tsotra fotsiny no lazainay hoe,
Tinay foana ianao

Mahereza, aza mba kivy izany
Fa Kristy hanandratra anao amin'ny avo
Hikoy anao ny fahavalonao,
Fa vehivavy mahery tahakan'i Rota ianao

Hisaorana anie,………..

# SAMBATRA IZAY MANANA AN'I KRISTY

Sambatra izay, manana an'I Kristy
Mitoetra irery tsy manana ahiahy
Ny irin'ny fony, dia nomenao azy
Ary ny hangatahin'ny molony dia azony

Sambatra izay mialoka , Aminy
Satria ny Anjelin'I Jehovah manodidina azy
Ka na dia ory sy malahelo aza izy
Dia Kristy Tompo no mihevitra azy

Ref:

Jesosy Tompo nilaza taminy hoe:
Aza matahotra, fa tsy ho menatra ianao
Tsy havelany ho afa-baraka ianao
Ary tsy hiala aminao ny famindram-poko

Ny fiadiana hamelezany anao
Ne lela hiady aminao resenao lahatra
Ny fahavalonao, hiandany aminao
Aza matahotra fa Izaho homba anao

# ASANDRATRAY

Asandratray ny Anaranao
Ry Ilay Mesia Mpanjakanay
Hankalazaina maneren-tany
Fa Hianao zanaky ny RAY

Asandratray ny tananay
Hideranay ny Anaranao
Manerana ny vazan-tany
Ny fideranay ho Anao

Asandratray ny Anaranao
Ry Ilay Mesia Mpanjakanay
Hankalazaina maneren-tany
Fa Hianao zanaky ny RAY

Alleloiah } X7

Hiderenay Anaranao
Alleloiah } X7

Ho Anao mandrakizay

# NY HASAMBARAKO(tia ahy Ianao)

Ny hasambarako raha eo Hianao
Manome fitiavana ahy
Afa-tahotra ny foko satria
Tompo o, tia ahy Hianao

Irery aho ka kivy indraindray
Hianao mampahery ahy
Raha mandalo ady sarotra aza aho
Hianao mampandresy ahy

Jesosy Tompo, tia ahy Hianao
Jesosy Tompo, tia ahy Hianao } X2

Amin'ny aloky ny fahafatesana aza aho,
Hianao mitantana ahy
Tomany aho noho ny tahotro,
Hianao manambitamby ahy
Anaty aizana tsy hita izay aleha,
Hianao mahafa-tahotra ahy
Mangataka ho ahyeo anatrehan'ny RAY,
Tsy hamela ahy irery

Jesosy Tompo, tia ahy Hianao } X4

Jesosy Tompo, tia ahy Hianao

# TSY AVELAN'I JESOSY IRERY

Tsy havelan' I Jesosy irery
Ireo olona matoky Azy
Afa-tahotra tokoa ny foko
Satria Jesosy miaro ahy

REF

N'aiza n'aiza alehako ry namako
Tsy hatahotra ny loza aho
Satria Jesosy miaro ny voahosony
Tsy hamela ahy, tsy amela ahy irey Izy

Tsy havelan' I Jesosy irery
Ireo olona matoky Azy
Afa-tahotra tokoa ny foko
Satria Jesosy miaro ahy

REF

Maro ny ady sy ny fitsapana niharetako
Fantaro fa tehiriziny ho ahy ny anjarako
Indray andro any, ho avy tokoa Izy

Hitsena Azy izaho sy ianao

# AZA KIVY

Mafy aro 'zalahy tsy tian'olona
Ahilikilik'endrehendrehina
Roahina miala ao an-trano izaho
Tsy hitako koza aro ny lalana hizorako o!
Aleoko eky 'zaho hamoy fo

Aza kivy ianao fa mahereza
Fa Jesosy tsy mijery tavan'olono o!
Fa olo-karanao io, no tadiavina e!
Tsy tonga hiantso ny marina Izy
Fa ny mpanota mba hibebeka

REF

Mafy aro 'zalahy ty raha mahazo
Zegny tany hombako jiaby e!
Manjary fijaliana fogne e!
Tsy hitako koza aro ny lalana hizorako o!
Aleoko eky 'zaho hamoy fo

Aza kivy ianao fa mahereza
Fa Jesosy tsy mijery tavan'olo
Fa olo-karanao io, no tadiavina e!
Tsy tonga hiantso ny marina Izy

REF

Fa ny mpanota mba hibebeka

## TSO-DRANO

Hihaino anao anie ny Rainstika
Amin’ny andro fahoriana
Hitondra anao any amin’ny avo anie
Ny anaran’ny Andriamanitr’I Jakoba

Hahatonga famonjena ho anao
Avy amin’ny fitoerana masina Izy
Ary hanohana anao avy any Ziona
Ary hankasitraka ny fanatitrao

Hanome araka ny fonao anie Izy
Hanantanteraka ny fikasanao rehetra
Hioby amin’ny famonjena azonao izahay
Ho tanterehin’ Andriamanitra anie, ny angtahinao rehetra

Ankehitriny dia fantatro fa ny Ray
Dia namonjy ny voahosony
Hamaly ny vavakao avy any amin’ny lanitra Izy
Amin’ny herin’ny famonjeny tanan’ny ankavanana

# MANDRENESA IANAO

Mamindra fo amiko, Jehovah o!
Fa rereka ny Fanahiko 2
Raha hilaozanao

Mandrenesa Hianao, Jehovah o
2 Hanafaka ny fanahiko
Vonjeo aho noho ny famindram-ponao
Efa sasatra ny misento

ref

Sitrano aho, Jehovah o!
Fa mangovitra
Aza ny fahatezeranao 2
No hamaizanao ahy

Lanin'alahelo ny masoko
Efa pahina tsisy hombana
Aiza Hianao ry Raiko, be indra fo
Hitarika ny lalako

REF

# INTY AHO TOMPO

NIilaza Hianao fa tia ahy, Tompo o ekeko
Taitra ny foko, nandre ny feonao
Izao toy izaove? Dia ho Tianao
Nanamelo-tena aho noho ny ota vitako

Efa ela no tia Anao, fa tsy sahy
Noleferiko mangina tao am-po ny fitiavako
Tsy sahy nanambara aho sao lavinao
Menatra aho ny hilaza hoe; tiako Hianao

Jesosy  Tompo O, mamindra fo
Zarako aza 'zany hoe.. tia ahy Ianao
Mamela ny heloko,
Fa hiverina amin'ny fitiavana voalohany aho

Inty aho Tompo o, hiverina aminao
Tapa-kevitra hiala amin'ny ratsy fanao
Hilaozako ny fahazaran-dratsy taloha
Vonona izao dieny izao hiaraka Aminao

Mbola Tiany aho, na dia izao no hiafarako
Tsy nandaha ahy Izy ra hiverina aho izao
Hody ny zanaka adala amin'ny Raiko
Na tsy manana anjara lova aza aho
Fa vonjeny ny fanahiko

Inty aho Tompo o,…….

# HIANAO NO ANDRIAMANITRA

Mihaiky aho fa diso eo anatrehanao
Jesosy Tompo o, mamindra fo
Nohon'ny fahalemeko, dia lavo aho aindraindray
Mamindra fo Jesosy Tompo

Hianao no Tompo, Hianao no Tompoko
Hianao no Tompoko na dia maditra aza aho
Hianao no Tompoko na dia maditra aza aho

Hianao no Andriamanitro,Hianao no Andriamanitro
Hianao no Andriamanitro na dia maditra aza aho
Hianao no Andriamanitro na dia maditra aza aho

Ianao no Tompo, Ianao no Tompoko
Ianao no Tompoko na dia maditra aza aho
Ianao no Tompoko na dia maditra aza aho

Alleloiah,
Alleloiah,alloiah

# NAMONJY AHY HIANAO

Tao anaty lalina no nijaliako
Nihidy tao amin'ny maizina ny fanahiko
Gadra vy no namatoran'ny satana ahy
Tsisy nahita izaho irery ihany no nijaly tao

Nitomany aho nikiakiaka mafy
Fa tsy nisy naheno na namaly ahy
Nitoreo sy nitaraina mafy
Fa satana no nandre ka naneso ahy

Ref:

Kristy ô Hianao irery ihany
No nijaly noho ny amiko
Jesosy ô, Hianao no nidina tao
Ka namaha ny fatorako

Na dia tsy nahatsiaro anao intsony aza aho
Hianao kosa tsy nahafoy ahy
Niverin-dalana aho nangatsiaka indray
Kanefa mbola tia ahy hianao

Jesosy o,tiako Hianao
Satria fitiavana mandrakizay
No nitiavanao ahy
Ampio aho ho tafajoro indray
Mba hanompo anao mandrakizay

# HIJORO AHO JESOSY

Hijoro aho Jesosy hanompo anao
Na sarotra aza ny dia
Ho tandremako ireo didinao
Mandrakizay doria

Ref:
Arovy aho Jesosy
Mba hotonga any an-danitra
Atsotray ny sandrinao,
Fa maro ireo tsy tia
Mitady hamingana ahy
Hianao Jesosy miaro ahy

Hanompo anao Jesosy,
Fa ho aiza moa aho
Raha toa ka tsy momba ahy Hianao
Ka n'aiza n'aiza Jesosy
No hiantsoako Anao
Mahatoky aho fa eo foana Hianao

# AROVY NY FOKO

Jesosy ô! arovy ny foko
Izay ahafahako mifandray Aminao
Jesosy ô! raha maloto ny foko
Dia tsy afaka hahita Anao izao

Ref:

Ireo namana sy mpiara-miasa amiko
Miezaka manafintohina isan'andro
Nefa Jesosy noho ny
Aminao no handeferako
Nefa Jesosy noho Hianao no andeferako

Jesosy ô!, fantatrao anefa
Fa mbola tanora aho
Sarotra ny lalana alehako
Nefa Jesosy ankiniko Aminao

# JESOSY O! TSY FIDINY ANAY

Jesosy o, tsy fidiny anay anie
Ny hanota tahaka izao e
Fa kamboty Ray sy Reny
Dia lasa nirenireny

Efa nataonay avokoa ny ota rehetra
Niliba nanao ny ditra rehetra
Nisotro toaka, nifoka sigara
Dia lasa nijangajanga

Ref:
Ankehitriny fantatro fa ianao
Mpamindra fo sy mpamela heloka
Na dia lazaina tsy misy hevitra intsony
Nefa iny mihitsy no nantsoiny

Tsy tonga hiantso ny marina
Fa ny mpanota toa anay
Fa raha misy iray mibebaka
Fifaliana be any an-danitra

# NAHOANA IANAO NO MITOMANY
## (adinonao ve)

Nahoana ianao no mitomany?
Ranomaso lava izao no iainanao
Isan'andro izao, mitanondrika
Malahelo ny foko mahita anao

Ref:
Adinonao ve fa misy olona iray,
Izay tena tia anao,
Ka nanolotra ny ainy
Mba hamonjy anao sy hanome
Fiadanana ho anao

Malahelo va ny fonao
Indraindray anie, hitanao toa maizina
Izao tontolo izao satria hoe:
Nilaozan'olo-tiana angamba ianao.

Ref:
Aoka ho fantatrao fa Jesosy tia anao
Izy mbola velona vonona ny hitia anao
Jesosy anie ka Izy no lalana
Fahamarinana sy fiainana ho anao

# RAY O! RAHA SITRAKAO

Raiko ô, izaho aty misento lava
Satria mahatsapa fa niala taminao
Ny ranomasoko mameno ny tavako
Satria niala tamin'ny Raiko aho

Ref:
Ray ô raha sitrakao, mamela ny heloko
Ray ô raha mety Hianao hiantrao ity zanakao
Ray ô raha tinao mba sakambino re aho
Fa mijaly sy ontsa lava izao

Izaho aty dia mahatsiaro ny,
Nanompoako anao taloha
Nitoetra tamin'ny fitiavana voalohany
Nanao ny sitrakao,
Nandeha araka ny tianao
Ankehitriny tonga saina
Hiverina aminao

Ref: Ray ô raha sitrakao,……………..

# TSY FAHAVALO

Indro Jehovah Mpamonjy ahy
Jesosy Tompo Mpanohana ahy
Mitaraina aminao re
Fa mafy loatra ny ady niaretako

Ref:
Tsy fahavalo no nanaratsy ahy
Tsy olona mankahala ahy
Fa izay sakaizako namana tena tiako
Niaraka nivavaka tamiko

Malahelo ny foko ankehitriny Raiko ô!
Raha sitrakao re, esory izao foko voadona
Malahelo nefa ho aiza, ho aiza moa aho
Raiko ô, mba jereo ity zanakao

Ref: Tsy fahavalo……………

# ZANAKA ADALA

Mandehana mody
Ry zanaka adala
Fa miandry anao
Ilay Ray malala
Tongava soa
Fa ho tsofiko rano
Izaho ihany koa
Hivavaka ho anao

REF

Raha tahiany ka voaray ianao
Ka mipetraka ao an-tranon-dRainao
Dia mangataha koa ho anay
Dia mandalova ka ilazao vaovao izahay

Mandehana mody
Ry zanaka adala
Fa miandry anao
Ilay Ray malala
Tongava soa
Fa ho tsofiko rano
Izaho ihany koa
Hivavaka ho ana

REF

# MAHERY NY RAN'I JESOSY

Afaka aho noho ny amin'ny ràn'I Jesosy (x3)
Afaka aho noho ny amin'ny Anarany masina

Hianao Jehovah o,naniraka ny Zanakao
Ho ety an-tany, ho faty hamonjy ahy
Ilay tiako sady tia ahy
Ny ràny no nividianany
Sy namonjena ahy

Ref:
Voavela heloka aho,
noho ny amin'ny ràn'I Jesosy

Ny dia-kapoka taminy, no nahasitrana ahy
Ny fahafatesany no nanafaka ahy
Voavela heloka aho
Voasarona ny otako
Mpamindra fo ny Andriamanitro

Ref: sitrana aho noho ny amin'ny ràn'I Jesosy

# GETSEMANE(Jesosy o, tiako Ianao)

Jesosy ô! Tiako hianao
Mamiko ny fitiavanao
Raha mijery ireo famonjena vitanao
Dia menatra ny fanahy ato anatiko

REF

Jesosy ô, tsy tantiko ny mijery
Ny hazo fijaliana mihosin-drà
Sy ireo fitaovana namonoana Anao
Ka nahafaty Anao

Jesosy ô! Ny fitiavanao
Nasehonao tao Getsemane
Ilay hatsembohanao niova rà
Manambara fitiavan-dalina

REF

Jesosy ô, tsy tantiko ny mijery
Ny hazo fijaliana mihosin-dra
Sy ireo fitaovana namonoana Anao
Ka nahafaty Anao

# FITIAVANA VOALOHANY

Tahaka ny diera main'ny hetaheta
Maniry rano an'ony
No hanirian'ny fagnahiko
Anô Andriamanitro

Mangetaheta Anao ny fanahiko
Dia Andriamanitra velona
Asa raha oviana zaho ka hiseho
Eo anatrehan' Andriamanitra

ref

Velomy ilay fitiavana voalohagny e (X3)
Ny fanahiko vokiso ny tenino

Izao zavatra izao anefa no hotsarovako,
Rehefa mamboraka
Ny fagnahiko ato anatiko aho
Eo anatrehan' Andriamanitro aho
Nadrosoako, niaraka tamin'ny olo-maro
Ho any an-tranon' Andriamanitra
Mihoby sy midera mitandrina
Ny andro firavoravoana

# FANAHY O! O AVIA!

Raha sitrakao Fanahy o! avia
Raha mety Hianao midina eto aminay
Fanahay Masina o! mila anao ny fanahiko
Zarao fitiavana avy Aminao ny foko

Ankiniko Aminao ny amiko rehetra
Indrindra fa ny ho aviko am-panahiko Fanahy o!!!
Mila ny fitantananao aho, ny finoako tsy ho lefy
Hianao handamina ny lalako

o! avia, o avia! Fanahy masina o
ȏ! avia fanahy o
Hamasino aho, omeo hery vao,
ȏ! avia, avia-fanahy (o avia)

REF

Ny fanahiko maniry mafy Anao
Te hitoetra tena ho sakaizanao
Anao ny sitrakao, hanaraka izay tinao
Raha mety Hianao ekeo ny angatahiko

Hanaro isan'andro aho mba hahitsy
Hamasino aho ho mendrika ho anao
Ovay ny foko ka havaozy indray
Ny fanahiko ato anatiko
ety an tany hatrany andanitra any ho sakaizako Hianao

refrain;

# MASOANDROM-PIAINKO

Indro tazako ilay hazavana, amin'ny fiainako
Miposaka toin' ny hazavan'ny masoandro
Ilay haizina teo aloha
Nandao ahy avokoa tsy hita intsony

Ref:

Tsy hilentika intsony ny masoandrom-piainako
Satria Jehovah no manazava ny làlako
Nandositra ahy avokoa, ireo fahoriana taloha
Fa tong any masoandron'ny fiainako

Tsy nampoiziko ilay trano bongo, feno fahoriana
No lasa fifaliana lavitry ny ranomaso
Nilaozako ireo ràtrako
Satria Jehovah no masoandron'ny fiainako

Ref:

Tsy hilentika intsony ny masoandrom-piainako
Satria Jehovah no manazava ny làlako
Nandositra ahy avokoa, ireo fahoriana taloha
Fa tong any masoandron'ny fiainako

# FIZAHAN-TOETRA

Tsy nafoinao izaho raha nandalo ady
Tsy nolavina sanatria raha mijaly
Fa làlana tsy maintsy nolalovako igny
Mba ahitanao ny toe-poko mahatoky

Ireo namako jiaby maneso ahy avokoa
Ny fahavalo miandry zaho ho lavo
Fanenjehana fanaratsiagna mandratra fo
Mijoro aho satria tànanao miazona anahy

Inty ny tànako raiso ka tantano
Vonona ‘zaho hanaradia anao
Na aiza na aiza hitondranao ‘zaho, ekeko izany
Satria Hianao no Tompo sy Andriamanitro

N’inon’inona hitranga amin’ny fiainako
Tsy hihemotra ‘zaho Jesosy Tompo
Na misy aza fizahan-toetra, mahazo ‘zaho
Dia lazaiko foana hoe Hianao no Tompoko

Hafatro ho anao, manaraha dia an’i Jesosy Tompo
Mivonoana fa kely sisa ny andro
Aoka hirehitra hatrany ny fanàla an-tananao
Fa hitsena an’I Jesosy tompo ‘zaho sy ianao

N’inon’inona hitranga amin’ny fiainako
Tsy hihemotra ‘zaho Jesosy Tompo
Na misy aza fizahan-toetra, mahazo ‘zaho
Dia lazaiko foana hoe Hianao no Tompoko

# VOADY

N'inona n'inona hitranga eto an-tany
tsy hampiova ny finoako izany
izaho tsy hijanona ela eto an-tany
ny tanjoko io ho any an-danitra any

Na zovy na zovy hisakana 'zaho
hagnagno raha tsy hahatongavako any an-danitsa e
ho reraka foana izay tsy tia e
fa 'zaho ndraiky tsy maintsy tonga any an-danitra any

ref:
Hanompo anao hatramin'ny farany aho
Jesosy Tompo zanak' Andriamanitra
efa nihomana isan'andro ny fanahiko
Anao sisa hadiasako dia dila 'zaho

Fahantrana ve sa tsy fisiana
fanenjehana sa ady sarotra
zanaka maditra vady koa masika an
'zaho 'ndraiky tsy maintsy tonga any an-danitsa any

Na inona na inona fandraràna
na lalàna na fanjakana
tsy mahasakana ny diako ho any e
fa 'zaho ndraiky tsy maintsy tonga any an-danitra any

ref:………………………

Voady mafy hataoko aminao e
'zaho tsy hihemotra hatramin'ny farany e
na hamoizako ny aiko aza izany e
fa 'zaho 'ndraiky tsy maintsy tonga any an-danitra any

Na inona na inona takianao aminahy
fahamarinana sy fahamasinana
fepetra jiaby efa tanterahiko e
fa 'zaho ndraiky tsy maintsy tonga any an-danitra any
ref……………………………..

# TONGAVA SOA

Andeha ianao ho any andanitra any, tsofiko rano tongavasoa
Satria tia Azy ianao ka niharitra noho ny anarany
Na dia teo aza ny fizahan-toetra,fakam-panahy dia nijoro ianao
Nanaiky ny fitondrany ka tsy nandà ny Anarany

Tonga any ianao dia hoento ny hafatro
Hambarao amin' Jesosy Tompo ny amiko
Izaho efa tia azy talohanao
De lazao Azy ny fiainako, mba hiarovany ahy
Mandra-pialàko ety hihaonan-tsika indray

**Tongava soa ianao, tongavasoa ianao**
**Tongavasoa izaho mbola ho avy fa miandry ny andro iray**
**Tongavaso ianao, tongavasoa ianao**
**Tongavasoa izaho mbola ho avy fa miandry ny andro iray**

Ny Tompo haniraka ny anjeliny,
Hitantana anao ho tonga any,
Hisokatra ho anao ny lanitra,
Dia ho hitanao ireo olo-masina

Jesosy Tompo anie hitsena anao
Ho fafany ny ranomasonao,
Aza hadinohinao ny hafatro,
Aza malahelo ahy fa mbola ho avy aho, amin'ny andro iray,
Hifankahita isika roa Jesosiko iny tsy hamitaka ahy

**Jesosiko iny (tsy hamitaka ahy) X2**
**Jesosiko iny, fa mbola ho avy Izy hampiakatra ahy** } **X2**

# FIFALIN'NY TOMPO (vavahadin'ny lanitra)

Ôdy vavahadin'ny lanitra
Tonga eto aho ka mandondona
Mitady ny Tompoko dia Jesosy Kristy Tompo
Teren'ny fitiavana ny foko dia tonga
Ekeo ny hetahetan'ny fanahiko tia Azy

Miangavy mafy aho ry Anjely
Lazao amin'ny Tompoko izao hafatro izao
Tsy te hitoetra any ambonin'ny tany intsony aho
Efa lasany tanteraka ny foko,
Hambarao Azy hoe efa ao ambavahady ilay tianao

Ref:
Izy irery ihany no tiko
Hotoetra eo anilany no hiriko
Eo amin'ny fanatrehany no hilaiko
Ny fanahiko maniry mafy ny Tompoko
Lazao Azy hoe mitady anao hono hoe ilay tianao

Mamindra fo amiko ry anjely
Raha tonga irery eto am-bavahady aho
Tsy zakako intsony hitoetra lavitra Azy
Te ahita an'Ilay malalako aho
Raha sitrakao vohay ny vavahady mba hidirako

Ref:
Izy irery ihany no tiko
Hotoetra eo anilany no hiriko
Eo amin'ny fanatrehany no hilaiko
Ny fanahiko maniry mafy ny Tompoko
Lazao Azy hoe mitady anao hono hoe ilay tianao

Namaly ny hafatro ny Tompoko
Ka tonga teo am-bavahady IZY
Nandray ny tànako Izy ka nilaza hoe
Inty aho izay tadiavinao midira amin'ny fifalian'ny Tomponao

Ref: (…………………………………………..) x2

# MAHEREZA

Ny fanantenako indray andro any,
Mbola hiova ho tsara ny fiainako
Na izao aza aloha, ny zava-misy
Dia matoky aho fa tsy ho mandrakizay

Ny fahoriana sy ny ranomaso
Fa hampandresy ahy ny Andriamanitro

Indraindray sarotra ny làlako,
Fanenjehana no hiainako,
Mijoro aho satria mihazona ahy ny tànanao
Eo anilako hatrany Jesosy Tompo

Mampahery ahy isan'andro Izy
Miaro ny finoako tsy ho levona

ref:
Mahereza sy matanjaha, aza matahotra na manahy
Fa Jesosy Tompo miara-mandeha aminao
Tsy handao na hahafoy anao Izy, aoka hatoky Azy ny fonao
Izy handidy ny anjeliny hanodidina anao

Hafa ihany ny mivavaka tena manompo an'Andriamanitra
Ilay haizim-pito teo aloha de nisava
Ny alaheloko tonga fifaliana

Ny fiainako saika rava
Soa fa teo Jesosiko nanangana ahy indray

Tsy nanenina aho raha nandray Anao
Fa tena tsapako ny famonjenao ahy
Na andro na alina, 'zaho matoky Anao
Tsy hamela ahy irery na andao ahy Hianao

Ety an-tany hatrany an-danitra
Hianao no Tompo sy Adriamanitray,

Ref:
Mahereza sy matanjaha, aza matahotra na manahy
Fa Jesosy Tompo miara-mandeha aminao
Tsy handao na hahafoy anao Izy, aoka hatoky Azy ny fonao
Izy handidy ny anjeliny hanodidina anao

# HANANDRATRA ANAO AHO FANAHY MASINA

Handratra Anao aho Fanahy Masina oh!
Fa lehibe, fa lehibe,
Ny Anaranao, ny Voninahitrao
Fa lehibe, fa lehibe

REF:
Hosana re!, hosana re!
Misandràta Hianao Fanahy masina oh!
Fa lehibe, fa lehibe

Handratra Anao aho Fanahy Masina oh!
Fa lehibe, fa lehibe,
Ny Anaranao, ny Voninahitrao
Fa lehibe, fa lehibe

REF:
Haleloiah!, haleloiah!, haleloiah!
Misandràta Hianao Fanahy masina oh!
Fa lehibe, fa lehibe

Hosana re!, hosana re!
Misandràta Hianao Fanahy masina oh!
Fa lehibe, fa lehibe

# IZAHAY HITSENA ANAO

Indray andro any aho
Handao izao tany izao
Raha antsoina ny anarako, na maraiana na atoandro
Tsy fantatro ny fotoanako ao ianao mba hafarako
Hoan'ireo ankohonako sy ireo namako

Efa maro loatra mantsy ireo
Loza mitranga amin'izao tontolo izao
Fantatry ny fanahiko fa tsy maintsy handeha aho
Jesosy TOMPO tsy hamela ahy, hiaran'izany rehetra izany
Tsy maintsy haka ahy Izy fa izany no efa nolazainy

Ref:

Tongava ianao hampahery ireo vady aman-janako
Raha tahiany ka lasa tampoka aho
Aza havela irery izy ireo amin'izay zavatra mety hiseho
Ianao aza malahelo ahy fa'zaho ho any amin'ny Ray
Ilay anjely mpiandry ahy, izy no hitantana ahy
Izany hafaliako hamakivaky ny lanitra
Tsy hisy intsony fahoriana, tapitra hatreo fijaliana
Itako amin'izay Jesosy Tompo hifanatri-tava amiko
Raha tonga any an-danitra aho paradisa mahafinaritra
Hitoetra mandrakizay ao an-tranon'ny Ray

Gaga aho tonga an-danitra aty, fitafiako mamiratra ery
Satro-boninahitro tena volamena
Izany hatsaran-tarehako, voninahitra tafiako
Hafa ihany aty an-danitra paradisan'ANDRIAMANITRA

‘zaho variana nijery ny tavako,
Jesosy nandray ny tànako,hasehony ny anjely sy ireo voavonjy marobe
Hitako ireo namako niaraka nivavaka tamiko
Mifankahita aty an-adanitra fifaliana mahafinaritra

Ref:
'zahay hitsena anao, fotoana ahatongavanao
Fa tonga ireo namana, nanao anjara fanapahana
Izany hafalianay, miandry ny andro iray
Hialanao any ka ahatongavanao aty
Izahay efa nanomana, fanomezana ho anao
Volamena sy vatosoa hiarabana anao tongasoa
Amin'izany fotoana izany, izahay rehetra eo am-bavahady
Hamihina anao mafy eo anatrehan'ny Ray

# VAVAKA HO AN'NY MALAGASY

Mafy arô 'zalahy ity raha mahazo amin'ny fiainagna e!
Olona maro isan-tokantrano samy mitaraigna e!
Ny manam-pahaizana very hevitra tsy hita izay atao,
Izao tontolo izao matahotra mafy amin'ny fahavalo tsy hita mafy
Olo-manera-tany miandrandra lanitra mila famonjena
Ny vazan-tany efatra mihorohoro miandry fatratra izay hiseho
Jesosy Tompo ve ho avy amin'ny raon'lanitra hampiakatra ny olony
Sa fifohazam-panahy hoentin'ny fiangonany malalany

ref:
Andriamanitra ô! mba vonjeo re! ny malagasy
Ny famindram-ponô, hamangy ny isan-tokantrano
Ny herin'ny fifohazam-panahy hikasika ny tsirairay
Hanery azy hibebaka hiala amin'ny ratsy fanaony

Ry malagasy oh! mba henoy izao hafatro izao
Aza matahotra fa mbola velona ny Andriamanitrao,
Ilay nahary izao tontolo izao no fototra hijoroan'ny satanao
Ny tànany mahery hiaro ireo zanakao,
Tsy ho fahafatesana no anton'izao fa fisehoan'ny voninahiny
Hamerina ny gasy rehetra amin'ny tena fahamarinany
Ny herin'ny fifohazam-panahy hameno ny nosintsika
Tanteraka ny faniriako hoe Malagasy mandova lanitra

ref:
Andriamanitra ô! mba vonjeo re! ny malagasy
Ny famindram-ponô, hamangy ny isan-tokantrano
Ny herin'ny fifohazam-panahy hikasika ny tsirairay
Hanery azy hibebaka hiala amin'ny ratsy fanaony

# FIAINAN-DANITRA

**Aza matsiaro ny lasa ianao**
**Fa mitraka ka mandrosoa**
**Tsy nofy intsony ny fanirianao**
**Midira amin'ny fifalian'ny Tomponao**

**Tsy hisy intsony ny tomany**
**Rehefa tonga any an-danitra any**
**Santarinao dia eny aty an-tany**
**Ny fifaliana any an-danitra any**

**Miditra amin'ny lapa ianao**
**Haneoana ny vokatr'ireo niaretanao**
**Satrohina satro-boninahitra**
**Satria efa mponin'ny lanitra mandrakizay**

**No tafiana voninahitra ianao**
**Homena anaram-baovao**
**Hihaona amin'ireo namanao**
**Niharitra ka voavonjy eo anilanao**

**Rah any ady izay efa niaretanao**
**Tsy voatanisa intsony ireo halaelonao**
**Nijoro hatramin'izay ka hatramin'izao**
**Voasoratra fa mpanompo matoky ianao**

**Tsy hiaina intsony amin'ny fahoriana**
**Ny sento hisolo fifaliana**
**Fiadanana mandrakizay no hiainanao**
**Eo anilan'ilay Mpahary izao rehetra izao**

# MALALA EO IMASONY

Fantatro fa tia ahy Ianao
Miahy ny fiainako isan'andro
Ka tsy misy adinonao ny amiko
Na di any kely indrindra aza

Ny ho aviko efa fantatrao
Ny fiainako voadinikao
Fa tsy misy tokana izay tsy Hitanao
Faly ny foko satria tia ahy Ianao

Ref: Satria Malala eo Imasony aho
2 fois
Sady be voninahitra no tiany
Nofinidiny tao amin'ny maro an'isa
Satria Malala eo Imasony aho

Ny ho aviko efa fantatrao
Ny fiainako voadinikao
Fa tsy misy tokana izay tsy hitanao
Fal ny foko satria tia ahy Ianao

Ref: Satria Malala eo Imasony aho
2 fois
Sady be voninahitra no tiany
Nofinidiny tao amin'ny maro an'isa
Satria Malala eo Imasony aho

Matsiaro sambatra aho manana Anao
Fifaliana foana ny miaraka Aminao
Jesosy Tompotena tia ahy
Fitiavana mandrakizay no hitiavany ahy

Tsy misy tahotra ny foko fa matokia
Ny fiarovany ahy andro aman'alina
Nahita ny olona iray tena tia ahy
Jesosy Tompo zanak'Andriamanitra

Ref: Satria Malala eo Imasony aho
3 fois
Sady be voninahitra no tiany
Nofinidiny tao amin'ny maro an'isa
Satria Malala eo Imasony aho

# DERAIKO IANAO JESOSY

Tiako Ianao Jesosy ô
Ianao no mamelona ahy
Ka n'aiza n'aiza misy ahy Jesosy ô
Ianao no miaro ahy

Deraiko Ianao Jesosy ô
Ianao Ilay mahery indrindra
Asandratro Ianao Jesosy ô
Satria Ianao Ilay Mapanjakako

Tiako Ianao Jesosy ô
Ianao no mamelona ahy
Ka n'aiza n'aiza misy ahy Jesosy ô
Ianao no miaro ahy

Deraiko Ianao Jesosy ô
Ianao Ilay mahery indrindra
Asandratro Ianao Jesosy ô
Satria Ianao Ilay Mapanjakako

Um………um………um………….um…………..um………….um

Deraiko Ianao Jesosy ô
Ianao Ilay mahery indrindra
Asandratro Ianao Jesosy ô
Satria Ianao Ilay Mapanjakako

# TSY MISY KARA ANÔ

**Tsy misy kara anô Fagnahy masina ô (2 fois )**
**Anô nanano sy namorona ary nanatsara**
**Izao tontolo izao**
**Ny Andriamanitra Ray niteny dia nontanterahinao**
**Izay rehetra nivolagniny , tsy misy tsy vitanao**
**Fagnahy masina ô , misaotra anô zahay**

**Misaotra anô zahay Fagnahy masina ô**
**Nohon'ny namoronanao izao rehetra izao**
**Ny foko sy fagnahiko babonao** **2 fois**
**Fagnahy masina ô**
**Misaotra anô zahay , Fagnahy masina ô**

**Tsy misy kara anô Fagnahy masina ô (2 fois )**
**Anô nanano sy namorona, ary nanatsara izao tontolo**
**Ny Andriamanitra Ray niteny dia nontanterahinao**
**Izy niasa tamin'ny alalanô**
**Izay rehetra nivolagniny , tsy misy tsy vitanô**
**Fagnahy masina ô , midera anô zahay**

**Midera anô zahay Fagnahy masina ô**
**Nohon'ny namoronanao izao rehetra izao**
**Ny foko sy fagnahiko babonao** **3fois**
**Fagnahy masina ô**
**Midera anô zahay Fagnahy masina ô**

# HOSANA HO ANAO

Andriamanitra ô ! Mila anao zaho
Tsy mba mahafoy Anao (× 2) ×2
Tsy mety hampiononina , ny Fanahy anatiko ao
Maniry mafy Anao

REF: Hosana ho amin'ny Avo indrindra ( ×2 )
Tsy misy azo oharina , Aminao Jehovah ×2
Hosana ho Anao

Fa Ianao no fanantenako
Tsy ho menatra aho
Fa hankalaza Anao

Ianao no nanankinana ahy hatrany ambohoka
Nitahy , tsy mba nanary ×2
Nanangana ahy hatramin' izao

Hosana ho anao ×2
Ho Anao Jehovah ô

# Iny izy lasa iny

**Iny izy lasa iny , namakivaky ny lanitra**
**Nentin' ireo Anjely, hiakatra ho any an-danitra**
**Tsy mba niteny izy na nanafatra**
**Nakipiny ny masony dia lasa**
**Ho any amin'ilay tanana , tonga lafatra**
**Dia ny paradisan' ny Lanitr**

**Veloma no apetrako, fa tsy maintsy mbola hiaona**
**Any an-danitra anyii ny  fotoana**
**Za mbola ho avy fa miandry fotoanaaa**

**Veloma no apetrako ,fa tsy maintsy mbola hiaona**
**Any an-danitra any ny fotoana**
**Indray andro any aho , tsy maintsy tonga any foana aah**

**Lasa ilay malalako tena tsy foiko**
**Amin'ny olon-drehetra eto antany, izy no tena tiko**
**Tampoka teo anefa dia lasa**
**Tsy nampiomana akory ianao, tsy nisy veloma  aaa**

**Jesosy Tompo ,Izy tena tinao**
**Dia foinao ireto zanakao**
**Mafy izany hoe: nilaozan' i Neny**
**Tsy maninona fa ekenay foana ianyii**

**Ny hafatro ry Neny mba ento**
**Dia lazao ny Tompo hanasitrana ny foko**
**Tsy handao ahy Izy hatrany hatrany**
**Hiaonako amin' I Neny indray andro any**

**Ny hafatro ry Neny mba ento**
**Lazao Jesosy , fa Izy no tena tiko**
**Hampahery ahy sy hanome fitiavana ahy**
**Ahitako an'I Neny any an-danitra any**

# INTY ZAHO FA NIOVA

Tsy **misy zava-miafina aminao ny ato am-poko**
**Efa nambarako taminao daholo**
**Mety tsy matoky izao ianao, fa izaho mpanota**
**Azonao tarafina ety ivelany, ny foko feno hota**
**Lavon'ny rendrarendra ka nivadika ny fanekena**
**Mifona zaho ny fahadisoako ,sy tsy fahalalan'ny foko**
**Ka raiso ny fiverenako, mba tsy hanenenako**
**Hiverina aminao e! Mba tsy halefa an'afobe**

**Ref ×2 :** **Tompo ô! Inty zaho fa niova**
**Ilay maditranao, efa rotiky ny ota**
**Tompo ô ! Inty zaho fa niova**
**Tsy hamerina koa za, ireo ratsy nataoko taloha**

**Enjehin'eritreritra izaho isan'andro ee**
**Ho aiza no hiafaran'ny fiainako, raha miala eto antany aho**
**Matahotra mafy an' ilay andro ahafatesako**
**Dia sanatria ve ho very an'afobe**
**Aleoko ihany hibebaka hiverina aminô**
**Jesosy Tompo ilay efa tia ahy taloha aa**
**Raha mijaly nofo, ny fanahiko mety ihany**
**Satria ny olon-drehetra samy ho tsarain'ny tantarany**

**Ref ×2**

**Ho avy Jesosy Tompo haka ny olo-marina**
**Ka rah sanatria potraka amin'izao, de tsy tafarina**
**Jesosy Tompo, arovy ny foko sy ny fanahiko**
**Hiorina mafy mandrapiavin'ny anjara androko**

**Ref ×2**

# AZA MAHAFOY AHY

Tsy handao ahy , tsy handao ahy
Na ahafoy ahy , Ianao Jehovah ô ! } ✖ 2

Ry Tompo ô ! eo anatrehanao, ny faniriako rehetra
Ny fisentoako ,tsy misy miafina aminao

Aza mahafoy ahy Ianao Jehovah
Aza mandao ahy Ianao Jehovah
Tsy mba manana hafa afatsy Ianao
Very aho raha tsy eo anilanao } Ref

Ny malalako sy ny sakaizako
Manalavitra ny fahoriako
Mamela-pandrika izay mitady ny aiko
Mba hanimba ahy , mba hanimba ahy

Ry Tomp ô ! eo natrehanao
Ny faniriako rehetra
Ny fisentoako tsy misy miafina Aminao

**Ref :**

# LEHIBE IANAO

**Jehovah ôô ! Andriamanitro**
**Tompoko Ianao, Ampingan'ny foko**
**Ianao no heriko , vatolampiko**
**Ampinganay anio**

**Izao rehetra izao , manaiky anao**
**Miankohoka eo an-tongotrao**

**Alleloia , Alleloia, Alleloia. Jehovah ô**
**Lehibe Ianao**
**Eto Ianao**

# MANGETAHETA

Tompo ô ny ato anatiko , maniry Anao
Ny amiko rehetra , ity hanjakao
✖ 2

Mangetaheta Anao ny foko
Maniry te hitoetra eo anilanao
✖ 2

Tompo ô fantatrao , ny ao am-poko ao
Mararim-pitia Aminao Ilay Mesia
✖ 2

Mirehitra ato anatiko ny fitiavako Anao
Tsy misy mahasakana mandrakizay
✖ 2

Ref ✖ 2

Tsy mahafoy Anao ny fanahiko
Mialoka eo ambany elatrao mandrakizay
✖ 2

Mirehitra ato anatiko ny fitiavako Anao
Tsy misy mahasakana ahy mandrakizay
✖ 2

# OMEO FAHEDRENA

**Omeo fahendrena aho**
**Hianarako mitady Anao**
**Omeo fahamarinana aho**
**Handosirako ny fahavalo**

Ref ✖ 2

**Iano irery ry Tompo**
**No hery sy Hasina**
**Ataovy ambany elatrao aho**
**Omeo , omeo fiadanana**

**Omeo fandeferana aho**
**Hiaretako ny mpanohitra**
**Omeo fitiavana aho**
**Hitiavako ny namako**

**Ref**

## AZA MAHATSIARO NY LASA

**Aza mahatsiaro ny lasa ianao**
**Fa mitrakà  ka mandrosoa**
**Tsy ho nofy intsony ny faniriana**
**Midira amin 'ny   fifalian'ny  Tomponao**

**Tsy hisy intsony ny tomany**
**Rehefa tonga any an-danitra any**
**Santarinao dieny ety an-tany**
**Ny fifaliana any an-danitra any**

**Hiditra amin'ny lapa ianao**
**Hanehoana ny vokatr'ireo fiaretanao**
**Satrohina satroboninahitra**
**Satria efa mponin'ny lanitra mandrakizay**

**Ho tafiana voninahitra ianao**
**Omena anaram-baovao**
**Hiaona amin'ireo namanao**
**Niaritra ka voavonjy eo anilanao**

**Raha ny ady izay efa niaretanao**
**Tsy voatanisa intsony ireo alahelonao**
**Nijoro hatramin'izay ka hatramin'izao**
**Efa voasoratra fa mpanompo matoky ianao**

**Tsy hiaina intsony amin'ny fahoriana**
**Ny sento hisolo fifaliana**
**Fiadanana mandrakizay no hiainanao**
**Eo anilan' Ilay mpahary izao rehetra izao**

## MBOLA HITIA ANAO

2 Tompon ô , ny fiainako eo an-tananao
Tsy ho laviko izay hitondranao ahy
Satria ianao ilay Mpanjakako

Tompo ô, ny fitiavako Anao
Anao manontolo ny ato am-poko sy fanahiko

Na handalo ady mafy aza aho
Na enjehina sy ankahalaina
Mbola hitia Anao
Mbola hitia Anao foana aho
Efa natokako Anao ny fiainako
N'aiza n'aiza hitondranao ahy
Mbola hitia Anao
Mbola hitia Anao

2 Tompo ô , ny fanahiko atolotro ho Anao
Ka aza lavinao, raha manatona Anao
Satria Ianao ilay Mpanjakako
Tompo ô, na tsy ho fantatro izay avoaky ny ampitsoko
Mbola hitia Anao

# REKO ILAY FANAHINAO

**Tompo ô , reko ilay fanahinao**
**Manjaka ato anatiko sy mameno ahy**
**Mahatonga ilay foko hitia Anao**

**Tena tiako Ianao , Tompo Ray Tsitoha**
**Babonao tokoa ny atilalin'ny fo**
**Foiko ho Anao daholo ny andrompiainako**
**Tena tiako Ianao Jesosy ôô**

**Tena tiko Ianao babonao ny foko**
**Miredareda loatra ka tsy haiko ny tsy hanompo Anao**
**Hitory ireo fahamarinanao**
**Hampianatra ireo didinao**
**Jesosy ô, tiako Ianao**